



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitavaña - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROÀ

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-258

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-004/2023 TAMIN'NY 5 APRILY 2023 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROJET FILETS SOCIAUX DE SECURITE ET RESILIENCE A MADAGASCAR CONCLU LE 16 JANVIER 2023 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DEVELOPPEMENT (IDA)»

Fivoriana faha-19  
Natao ny  
Talata 6 Jona 2023  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

**FOTOANA:** Talata 6 Jona 2023 tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2023 tamin'ny 5 Aprily 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Filets Sociaux de Sécurité et Résilience à Madagascar conclu le 16 Janvier 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Nitohy ny Talata 6 Jona 2023 tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana, ka Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe no nanatontosa izany.

Taorian'izay, nanamarika Andriamatoa Mpitarika fivoriana talohan'ny hidirana amin'ny fandaharam-potoana, fa misy volavolan-dalàna miisa efatra avy tany amin'ny Governemanta tonga teto amin'ny Antenimierampirenena omaly Alatsinainy 5 Jona 2023 ary maika ny ilàna azy ireo mba havadika ho lalàna.

Mba ahafahana mampiditra ireo volavolan-dalàna ireo ao anaty fandaharam-potoana dia hampiharina ny andininy faha-86 andalana faha-3 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-58 andalana faha-4 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, mba hahazoan'ny Vaomiera manatanteraka ny asany aorian'ny fandaniahana ny fandaharam-potoana vaovao. Manarak'izay, iangaviana izay rehetra voakasik'izany mba handray ny andraikitra tandrify azy avy.

Nambarany fa handraisana fanapahan-kevitra ny hampidirana ireo volavolan-dalàna ireo ao anaty fandaharam-potoana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 12 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny hampidirana ao amin'ny fandaharam-potoana ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ireo volavolan-dalàna miisa efatra ireo.

Taorian'izany, nampahatsiahiviny ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra natao tany amin'ny asam-baomiera momba ny volavolan-dalàna ny tenany.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee no nanatanteraka izany ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Zoma 2 Jona 2023 tamin'ny 9 ora, maraina sy Alatsinainy 5 Jona 2023 tamin'ny 9 ora, maraina sy tamin'ny 3 ora tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy Fanaovana Tetipivoarana ary ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2023 tamin'ny 5 Aprily 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Filets Sociaux de Sécurité et Résilience à Madagascar conclu le 16 Janvier 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nanatrika ny fivoriana;

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
3. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
4. HENRI Jean Michel
5. RAVONTY Tam Teon Luc
6. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa isany:

1. RATSIMANDRIONA Aida Hardy
2. BAOFENO Micheline

Ramatoa RAHARIMAMPIONONA no Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera nanatrika ny fivoriana.

Tsy nisy Solombavambahoaka avy amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy Fanaovana Tetipivoarana tonga nanatrika ny fivoriana.

Nisolotena ny Governemanta ireto teknisiana manaraka ireto;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |                                 |                   |
|---------------------------------|-------------------|
| 1. ANDRIANANTENAINA Jaona       | DG/FID            |
| 2. RAZAKANDRIAMATOANINA Achille | DPCFA/FID         |
| 3. RASOARIVELO Pierrette        | DP/FID            |
| 4. RAJAONAH Léon                | RPI/FID           |
| 5. RANAIVO Tiavina              | FID               |
| 6. RAKOTOARINORO Nanou          | Planification FID |
| 7. RASAMIRAVAKA Ioby            | DDP               |
| 8. TOVOARIVELO JENNICA          | DDP/SASD          |

9. MIANDRARINJATO Robinson	SADE/DDP
10. RAZAFIARISON Riana	DRS/MPPSPF
11. ANDRIAMAMONJY Lanto	DEPP/MPPSPF
12. RAKOTONINDRAINY Zoely Narindra	DDP/MPPSPF
13. RIVOMANANA Tsarahita G.	DGPS/MPPSPF

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, ireo teknisiana ny fitenenana mba hanazavan'izy ireo mikasika ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ireo teknisiana fa efa nisy ny tetikasa «Filets Sociaux de Sécurité et Résilience à Madagascar» ny taona 2016 hatramin'ny taona 2023. Amin'ny mahazava-dehibe ny tetikasa dia nanapakevitra ny Fitondram-panjakana fa tsara ny manohy ny tetikasa fanampiana ny mpiara-belona marefo ka ny «Fonds d'Intervention pour le Développement (FID)» no manatanteraka ny asa. Tamin'ny teo aloha dia Faritra 15 no nisitraka ny fahiana ara-tsosialy, fa amin'ity tetikasa vaovao ity kosa, ny Faritra 23 no hisitraka izany.

Ny tanjona dia ny fanohanana ny Fanjakana Malagasy amin'ny fanampiana ireo tokantrano marefo.

Misy singa efatra no mamaritra izany:

Ny voalohany dia ny "Filets de sécurité" izay ahitana:

- Ny asa avotra mirindra na "FSP" izay mitentina «68,4 millions USD». Manome asa atakalo vola ho an'ireo vondrom-piaraha-monina tena marefo izy io mba hanatsarana ny famokarana eny ifotony ary hitandroana ny tontolo iainana. Ny vokatry azo avy amin'izany dia ny hananan'ireo mpisitraka fahaiza-manao ka hahafahan'izy ireo hanana karazana asa fivelomana miantoka ny fahampiana ara-tsakafo sy ny fampiroboroboana ara-toekarena;
- Ny «Transferts Monétaires pour le Développement Humain» TMDH izay mitentina «70,6 millions USD». Vatsin'ankohonana sy Fiavota ity fandaharanasa ity izay manampy ny fidram-bolan'ireo ankohonana tena marefo ho fanohanana ny fahafahana manjifa, ny fahampiana ara-tsakafo, ny fanjarian-tsakafo ary ny fototra mahaolona;
- Ny «Filets de sécurité pour la réponse aux crises» izay mitentina «29,1 millions USD». Ity fandaharan'asa ity dia mamaly karazana tranga vokatry ny hamehana, toy ny loza voajanahary sy ny krizy ara-pahasalamana. Natao ihany koa izy ity mba hanarenana haingana ireo vondrom-piaraha-monina marefo amin'ny alalan'ny asa tanamaro sandaina vola, ny famatsiana ara-bola tsy misy fepetra ary ny fanarenana na fanorenana ireo fotodrafitrasa fototra voakasiky ny loza;
- Ny «Résilience et inclusion productive» izay mitentina «45,8 millions USD». Izy ity dia fandaharan'asa fahiana ny mpiara-belona hahavita sy hanatsara amin'ny fomba maharitra ny fari-piainany.

Ny faharoa dia ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny fitantanan-draharaham-panjakana sy ny fanaraha-maso ary ny tamberin'andraikitra izay mitentina «29,1 millions USD»;

Ny fahatelo dia ny fanamafisana ny fahaiza-manao eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy izay mitentina «7 millions USD»;

Ny fahefatra farany izay tsy voatery hisy, fa miankina amin'ny zava-mitranga; ohatra, ny «Covid» sy ny loza voanjanahary no mety hampisy azy.

Mitentina «250 millions USD» na 1 097 402 500 000 Ariary ny vola indramina amin'ny Banky Iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny IDA. Maharitra 50 taona ny famerenana ny vola, ka mandritra ny 10 taona tsy andoavana zanabola; 0,5% ny “commission d’engagement” raha 0% ny “commission de service”. Ny volana Jolay 2023 kosa no hanombohana ny tetikasa ary mifarana ny 31 Martsa 2027.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

### **FANAMARIHANA**

- Tokony hamarinina ihany ireo “données” mikasika ny tokantrano marefo azo avy amin'ny INSTAT fa matetika dia tsy mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony izany, ka tsy miantefa any amin'ireo tena tokony hisitraka ny tetikasa.
- Tokony eny anivon'ny Sekoly mivantana no iantefan'ny tetikasa ohatran'ny “cantine scolaire” mba tena hahakasika ireo mpianatra tokoa.
- Tokony hasiana fandaminana ireo Faritra misitraka ny tetikasa miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka, toy ny PAM, FID, UNIFEC fa matetika dia mivangongo amin'ny faritra iray ny asa ataon'izy ireny.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

### **FANONTANIANA SY VALINY**

#### **1. Inona ireo fepetra amaritana fa marefo ireo tokantrano hisitraka tetikasa?**

Fanapahan-kevitra azo avy amin'ny fivoriana izay niarahana tamin'ireo Tomponandraiki-panjakana eny ifotony (Lehiben'ny Distrika, Ben'ny Tanàna, Sefom-pokotany) izay niainga tamin'ny “données” avy amin'ny INSTAT no amaritana fa marefo ny tokantrano iray.

#### **2. Ohatrinona ny vola mivoaka amin'ny Fanjakana Malagasy isan-taona amin'ny fanefana trosa?**

Mitentina 1 008 Miliara Ariary ny vola mivoaka amin'ny Fanjakana amin'ny fanefana trosa isan-taona.

#### **3. Tafiditra ao anatin'ny fisitrahana ny tetikasa ihany koa ve ireo Faritra saro-dàlana?**

Ny fandriampahalemana sy ny fisian'ny làlana no fepetra napetraky ny Banky Iraisam-pirenena sy ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy mba ahafahan'ireo Faritra misitraka ny tetikasa.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna ireo mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenana.

Rehefa izay, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2023 tamin'ny 5 Aprily 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet «Filets Sociaux de Sécurité et Résilience à Madagascar» conclu le 16 janvier 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)»* ka hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay dia nanontany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, raha toa misy manana fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra novakiana teo; avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao avy amin'ny solotenan'ny Governemanta.

Nanao fanitsiana, Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, ao amin'ny pejy faha-5, misy diso tsipelina, tsy UNIFEC no izy fa UNICEF.

Nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana rehefa tsy nanan-kambara intsony ny Solombavambahoaka.

Nanana fanamarihana, Ramatoa RAKOTONIRINA Miarisoa Patricia, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampiroboroboana ny Vehivavy, ao amin'ny pejy faha-3 mikasika ny teknisiana nanatrika ny fivoriana, fa tsy tonga tamin'io fotoana io ny laharana faha-8, Andriamatoa TOVOARIVELO Jennica; torak'izay koa ny laharana faha-12, Andriamatoa RAKOTONINDRAINY Zoely Narindra. Tsy DDP/MPPSPF no misy azy fa DDP/SASD.

Ao amin'ny pejy faha-5 andalana faha-3 manao hoe: ka mandritra ny 10 taona dia tsy andoavana zanabola. Tsara raha soratana tahaka izao: mandritra ny 10 taona **voalohany** dia tsy andoavana zanabola. Pejy faha-5 hatrany, eo amin'ny valim-panontaniana faha-2, ovaina hoe: ny taona 2023 dia mitentina 1 008 Miliara Ariary ny vola mivoaka amin'ny Fanjakana amin'ny fanefana trosa. Noho izany, miala ny soratra hoe isan-taona.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ny solotenan'ny Governemanta hatrany ny fitenenana hitondran'izy ireo fanazavana momba ny volavolan-dalàna.

Nanambara, Ramatoa RAKOTONIRINA Miarisoa Patricia, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampiroboroboana ny Vehivavy, fa fanazavana tsotra ihany no hataony; aorian'izay, hisy teknisiana hanazava misimisy kokoa mikasika ity volavolan-dalàna.

Toy izao ny fanazavana fohy nentiny taorian'izay: tetikasa mitentina «250 millions de Dollars» ny vola hindramina ary mandritry ny telo taona no fanatanterahana ny asa. Izany hoe, amin'ny volana Jolay amin'ity taona ity no hanombohana izany ary hifarana amin'ny 31 Martsa 2027.

Entina hanatsarana ny fiainanan'ny vahoaka marefo eny ifotony sy ireo mpisitraka voakasika no tanjona amin'izany.

Ezaka iray hampitomboana ny fidiram-bolan'ny isan-tokantrano amin'ny maha-«filets sociaux de sécurité» azy izay ity tetikasa ity. Efa nisy tetikasa tahaka izao tamin'ny taona 2016 ary hifarana amin'ity taona ity izany. Fanohizana an'io tetikasa io no hatao amin'ity «ratification» ary ny anarany dia antsoina hoe: “Filets Sociaux de Sécurité et Résilience”.

Ny “Fonds d’Intervention pour le Développement” na ny FID no hanatanteraka ny tetikasa eny ifotony. Ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampiroboroboana ny Vehivavy kosa no mandrindra ny asa hatao.

Izay no fampidirana natao, fa omena ny teknisiana ny famelabelarana ity tetikasa entina eto aminareo ity hitondrany fanazavana misimisy kokoa.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa ANDRIANANTENAINA Jaona, Tale Jeneralin'ny FID, mbola nanamarika fa fanohizana sy fanamafisana ny tetikasa efa nisy teo aloha izay hotanterahan'ny Governemanta ny anton'ity volavolan-dalàna ity.

Raha lazaina amin'ny teny tsotra, feno ny tatitra novakiana teo saingy hitondra fanazavana ihany araka ny volazan-dRamatoa Sekretera Jeneraly teo.

Izany hoe findramam-bola avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena avy amin'ny alalan'ny IDA no ataontsika izao; mitentina “250 millions USD” na 1 097 402 500 000 Ariary ny vola hosamborina.

Efa hita ao anaty tatitra rahateo ny fombafomba hamerenana azy; 50 izany ka ny 10 taona voalohany tsy andoavana zanabola.

Amin'ny fitranga tahaka izao, misy ny fanomezana fa tsy voatery averina daholo ny vola nindramina.

Singa efatra no mamaritra ny vola hampiasaina amin'ny tetikasa, ka toy izao izany:

Mikasika ny “filets de sécurité”, mitentina any amin'ny “213 millions USD” any no fitambaran'ny vola nanatanterahana ny tetikasa izay mizara efatra ihany koa araka ny hita ao amin'ny tatitra. Izany hoe, voatsinjara araka ny asa hatao ny vola holaniana.

Momba ny fanamafisana ny fahaiza-manao ny fitantana-draharam-panjakana sy ny fanaraha-maso ary ny tamberin'andraikitra, vola mitentina “29 millions USD” no natokana ho amin'izany.

Manarak'izay, mitotaly “7 millions USD” kosa ny vola hanaovana ny fanamafisana ny fahaiza-manao eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy.

Farany, hisy ampaham-bola hatokana araka ny zava-mitranga, izay tsy voatery hisy, saingy apetraka ihany izany sao sanatria misy loza voajanahary ohatra.

Raha ny làlana nandalovany indray, tamin'ny 22 Desambra 2022 no niakatra tany anivon'ny Filankevi-pitantanan'ny Banky Iraisam-pirenena ny volavolan-dalàna. Nandalo ihany koa teo anivon'ny Governemanta Malagasy, vita sonia ara-dalàna tamin'ny 16 Janoary 2023 teo ary tonga eto amin'ny Antenimierampirenena amin'izao fotoana izao mba hankatoavin'ny Solombavambahoaka.

Inoana fa ho azo alohan'ny faran'ity taona 2023 ity izany famatsiam-bola momba ny «Fonds Sociaux de Sécurité» na FSS izany mba hahafahana miroso avy hatrany amin'ny fanatontosana ny asa fampandrosoana ny fari-piainan'ny vondrom-piaraha-monina tokony hisitraka izany fampandrosoana izany.

Mikasika ny vokatra azo kosa, eo am-pamaranana ny tetikasa teo aloha isika amin'izao fotoana izao ary azo eritreretina fa ho vita tanteraka alohan'ny faran'ity taona 2023 ity izany tetikasa FSS izany.

Ankohonana miisa 1 300 000 no efa nisitraka an'ity tetikasa ity teo aloha ity.

Misy Distrika maromaro hisitraka ny asa avotra, ka hahazo vola 6 000 Ariary ny olona iray miasa adiny dimy.

Natao sy hotohizana ny ezaka amin'ny fanajariana sy fanatsarana ny tany volena ary fanomezana rano mba hahazoana vokatra tsaratsara kokoa raha ny fambolena no resahana.

Natao koa ny fambolena zanakazo, miisa 4 tapitrisa mahery no efa voavoly mba hisian'ny rotsak'orana betsaka hahatsara ny fambolena hatrany.

Momba ny vatsin'ankohonana, fanampiana vola mahatratra 50 000 Ariary hatramin'ny 70 000 Ariary isaky ny roa volana no efa natao sy hotohizana ho an'ny ankohonana voasokajy hahazo izany. Ny antony amin'ny ankapobeny dia entina hanatsarana ny fari-piainan'ny ankohonana sady hampirisihan'ny Ray aman-dReny ny zanany tsy hitsoaka andaharana any an-tsekoly. Izany hoe, efa misakafo araka ny tokony ho izy ny mpianatra amin'izay mba hazoto hianatra.

Mikasika ny singa hafa ao anaty tetikasa, nanaovana andrana ireo tanàn-dehibe maromaro ka nahazoana vokatra teo amin'ny lafiny fanatsarana ny làlambe, ny làlana natokana ho an'ny mpandeha tongotra ary ny lakan-drano hamoahana ranon'orana sy ny rano maloto avy any amin'ny tokantrano samihafa. Ohatra amin'izany ny teto Antananarivo, Fianarantsoa ary Toamasina.

Momba ny fanarenana tamin'ny fandalovan'ny loza voajanahary, nisy ny asa vonjy voina natao ka nanaovana asa tanamaro. Nomena 6 000 Ariary ny olona iray niasa nandritra ny adiny dimy tamin'izany. Ireo no hotohizana amin'izao tetikasa izao.

Mba ho fitsinjovana ny vodiandro ho merika raha sendra misy loza voajanahary, hisy fanamboarana sy fanarenana fotodrafitrasam-panjakana any amin'ny toerana samihafa, ka ny FID no hiandraikitra ny fanorenana ary ny BNGRC na ny "Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes" no hanao «saisine» ny asa vita.

Fantatra fa nandalo fotoan-tsarotra tokoa ny firenena tamin'ny fisian'ny valan'aretina "Covid-19" teto amintsika. Vokatry'izay, nisy krizy ara-pahasalamana ka tsy maintsy nisy ezaka natao ho fanampiana ara-bola an'ireo ankohonana marefo, teo koa ny fanaovana vakisiny saika ho an'ny sokajin'olona rehetra. Ho fanalefahana ny fiantraikan'izany no antony anohizana izao tetikasa izao.



Mikasika ny tantsoroka ho fanatsarana ny fiainana andavan'andro hatrany, heverina hahatratra 65%-n'ny vehivavy no hisitraka izany mba hanampiana azy ireo satria maro ny renim-pianakaviana no miahy ny ankohonany amin'ny asa fivelomana tokony hataon'ny lehilahy isan'andro. Fanampin'izay tantsoroka izay ihany, nisy sy hatao koa ny fanohanana ireo tantsaha, toy ny fanomezana fitaovana, masomboly, zezika ary fampiofanana azy ireo mba hampitombo ny vokatra azo sy tsara kalitao.

Tamin'ny tetikasa teo aloha, nisy ny fanomezana kopia faobe ho an'ny zaza tsy nanana izany, ka maherin'ny 26 000 no nisitraka kopia. Tsy latsa-danja amin'izany, fanaovana kara-panondrom-pirenena ho an'ny olon-dehibe tsy manana izany ary mihoatran'ny 44 000 olona no nahazo izany. Marihana fa maro ny zaza no tsy mbola manana kopia hatramin'izao, tahaka izay koa ny olon-dehibe tsy manana kara-panondrom-pirenena; ezaka hatao amin'ny fanohizana ny tetikasa daholo izany.

Mbola ho avy koa ny tetikasa vaovao hiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny loza voajanahary, ny tsy fahampiana ara-tsakafo sy ny tsy fanjarian-tsakafo, eo anatrehan'izany, tsy maintsy mitady fomba maro isika hamoahana ireo ankohonana marefo ireo hiala amin'ny fahantrana. Izany hoe, raha misy ny vokadratsin'ireo, hihena ny fiantraikany amin'ny sokajin'olona marefo, izay no tanjona.

Ireo asa rehetra notanisaina teo dia mikendry hatrany ny fahasalamana ho an'ny isambatan'olona sy rafitra maharitra ho an'ny fidiavana sy fahadiovana ary ny fampianarana manana kalitao mba ho tonga olom-banona sy olo-kendry, indrindra mba hanana fihariana maharitra sy mihatsara ny mpiara-belona amintsika.

Teo am-pamaranana ny teniny, noheveriny fa efa voasoratra ao anaty tatitra daholo ny singa mamaritra ny findramam-bola hataontsika. Nomarihany koa fa hiara-hiasa amin'ny fanatanterahana ny tetikasa ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampiroboroboana ny Vehivavy ary ny FID.

Taorian'izay, fisaorana ny solotenan'ny Governemanta no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana tamin'ny fanazavana nentin'izy ireo ary nambarany koa fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana, fanontaniana telo no napetrany; voalohany, ny olona efa nisitraka ny tetikasa teo aloha ihany ve no homena fanampiana sa hisy fanovana hatao. Faharoa, hisy fampidirana lisitra vaovao any amin'ireo Faritra efa niasana ve sa hijanona amin'izao ihany. Fahatelo, hitarina any amin'ny Faritra hafa ve ny tetikasa sa ny Faritra teo aloha ihany no hisitraka izany.

Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique kosa nanambara, fa tokony hanome antontan-kevitra momba ity tetikasa ity ny tomponandraikitra mba hahafahana manaramaso ny asa hatao.

Ahoana ny fanohizana ny tantsoroka rehefa vita ny tetikasa sa hiverina toy ny taloha indray ny olona aorian'izay.

Inona avy ny masontsivana ahazoana fanampiana amin'ity «Filets Sociaux de Sécurité» ity.

Iza no misafidy ny toerana eny ifotony hisitraka ny tetikasa, ny FID ve sa ny Minisitara.

Nankasitraka ny fitondram-panjakana, Ramatoa RATSIMANDRIONA Aida Hardy, raha nandray fitenenana satria ao an-tanànan'i Faradofay mihitsy no misy ny biraon'ny tetikasa ary hisitraka izany ny olona any an-toerana amin'izao fitohizan'ny tetikasa izao. Marihana, hoy izy, fa maro ny fikambanam-behivavy tsy nisitraka izany mihitsy teo aloha ary amin'izao kosa, tokony hampidirina izy ireo.

Hafatra ho an-dRamatoa Minisitry ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy; betsaka ny fanampiana avy tamin'ny Minisitara kanefa tsy nahazo izany mihitsy ny Distrikan'i Faradofay; ahoana ny mikasika an'izay.

Fanentanana ny Solombavambahoaka rehetra tonga nivory handany ny volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAFIDIMANANA Nanson, nanambara fa zava-dehibe ity tetikasa entina eto amin'ny Antenimierampirenena ity, kanefa tsy manome lanja ny Solombavambahoaka ny Fahefana Mpanatanteraka satria tsy tonga manatrika ny fivoriana akory ny Minisitra voakasiky ny volavolan-dalàna.

Ny vahoaka Malagasy no mindram-bola kanefa toa tsy misitraka amin'ireo karazana tetikasa mihitsy ny Distrikan'Antanifotsy. Inona no antony.

Raha atao ny salan'isa, 90%-n'ny vahoaka Malagasy no mahantra amin'izao fotoana izao, vokatry ny tsy fahaiza-mitantana ataon'ny teknisiana no mahatonga izany. Vokatry'izay, mihamitombo ny fahantrana eto amintsika. Matetika manao findramam-bola any ivelany isika; inona no antony tsy ilazanareo amin'ny Solombavambahoaka fa azo ny vola, tahaka izao no nandaniana azy. Ampahafantaro ny Solombavambahoaka fa volam-bahoaka izany ary ny vahoaka no handoa ny trosa.

Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol kosa nanamafy fa sahirana ny vahoaka Malagasy, indrindra any amin'ny Distrikan'i Befotaka Atsimo noho ny fiakaran'ny vidim-bary. Noho izany, miangavy ny hidinan'ny teknisiana any ifotony hanome toromarika mikasika ity tetikasa ity satria tsy mbola nisitraka izany mihitsy ny vahoaka any an-toerana. Nomarihany fa azo atao tsara ny miara-miasa amin'ny Solombavambahoaka mba ahafahana mampahafantatra ny vahoaka ny fizotry ny tetikasa sy ny mety ho fandaminana hatao.

Nanambara Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, fa tena miditra tanteraka amin'ny asa fanatsarana eny ifotony ny mpitondra fanjakana amin'izao fotoana izao. Noho izany, tokony hotohizana hatrany ny ezaka efa natomboka hatramin'izay kanefa mila fanitsiana ny fomba fiasa mba hampivoatra ny fari-piainan'ny vahoaka. Tsy tokony hijerena loko politika ny fanaovana ity tetikasa ity satria izay hahasoa ny vahoaka no imasoana; izay no namaranany ny teniny.

Nanamarika, Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot, raha nomena fitenenana, fa any amin'ny Faritr'i Menabe, ny renivohitry ny Faritra ihany no nahazo fanampiana tamin'ny vatsin'ankohonana; inona no anton'izany.

Sahirana ny mpamboly any amin'ny Distrikan'i Belo sur Tsiribihina, ka mangataka fanampiana, toy ny fitaovam-pambolena sy zezika hampitomboana ny vokatra ary miandrindra fanamboarana ny lakan-drano mba hanatsarana fambolem-bary.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nambarany fa tsy tokony hidiran'ny resaka loko politika mihitsy ity tetikasa ity satria ny zava-maharary ny vahoaka no jerena ka aleo atao izay hahatomombana ny tetikasa.

Isaorana koa ny Minisiteran'ny Mponina sy ny FID noho izao fiahiana ny vahoaka marefo izao. Aleo tohizana ny asa fa mahavelom-bolo ny vahoaka tokoa ny fisian'izany. Eo anatrehan'ny fahatsapana ny zava-misy, tokony hojerena ihany ny Distrika tsy mbola nisitraka ny tetikasa tahaka izao.

Nambarany fa vonona hiara-hiasa amin'ny tomponandraikitra ny Solombavambahoaka hijery vahaolana ho an'ny vahoaka sahirana any amin'ny Distrika nahavoafidy azy tsirairay avy.

Fanentanana ny rehetra handany ny volavolan-dalàna no namaranany ny fandraisam-pitenenany.

Andriamatoa FERNAND Jeannot kosa raha nandray fitenenana, nanambara fa tsy hita izay maharatsy ity «ratification» ity. Atao ny famatsiam-bola momba ny làlana kanefa any aminy tsy misy fanarenana fotodrafitrasa mihitsy; mila jerena izany satria izay no antony miteraka tsy fandriampahalemana any an-toerana.

Momba ny BNGRC, nisy rivodoza nandalo teto amintsika, anisan'ny nitondra takaitra tany aminay; tototra fasika ny tanimbary saika izy rehetra, tsy nisy ny voka-bary. Aiza ny tomponandraikitra ao amin'ny BNGRC manoloana ny zava-nitranga no tsy hita hatramin'izao, lasa ny lehiben'ireo ONG misy any an-toerana indray no mamoka vola amonjena ny traboina.

Momba ny fampananan'asa, betsaka ny olona tsy an'asa sy sahirana saingy tsy misitraka tantsoroka sy asa tagamaro akory; mila jerena akaiky izay satria ny olona tsy tokony hisitraka fanampiana indray no nahazo izany teo aloha. Amin'ity tetikasa ity kosa, asio fanaraha-maso hentitra hisitran'izay tokony hahazo izany fanampiana izany.

Nanambara, Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa efa ela no nanaovana tetikasa tahaka izao kanefa hatramin'izao tsy hita izay vokany raha any amin'ny Distrika misy azy no resahana.

Ho anareo tomponandraikitra ao amin'ny fanjakana foibe, inona no antony mahatonga anareo tsy mamaly antso an-telefaonina hifampiresahana mba hitondrana ny fitarainan'ny vahoaka amin'izao fahantrana mahazo ny eny ifotony izao.

Miangavy ny hisian'ny fanadihadiana atao momba ireo toerana sy Faritra tsy mbola nisitraka ity tetikasa "Filets Sociaux de Sécurité" ity mba hahazoan'ny hafa tombontsoa koa.

Ramatoa BAOFENO Micheline, raha nomena fitenenana, nilaza fa sao tsy mety ny fizarana natao satria any amin'ny Faritra no mandrindra izany. Inona no antony tsy ampahafantarana

ny Solombavambahoaka kanefa afaka miara-miasa amin'ny fanatanterahana ny tetikasa izy ireo.

Misy Kaominina miisa 6 tena sahirana ny mponina ao raha ny Distrika nahavoafidy azy no resahana; ny olana anefa, tsy tonga any an-toerana ny fanampiana hatramin'izao. Miangavy ny tokony hijerena akaiky ny momba izay.

Mikasika ny tantsoroka, tahaka ny namana teo aloha ihany, manamafy fa tokony ireo olona sahirana tsy mbola nisitraka no hanaovana izany fa tsy izay olona efa nahazo hatrany no homena fanampiana.

Raha momba ny Distrikan'i Mandoto indray, rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste, nambarany fa tahaka ny namany teo aloha ihany, betsaka ny Kaominina any an-toerana no tsy mbola nisitraka an'ity tetikasa ity. Ny zavatra tsapa, tsy tonga any an-toerana ny tomponandraikitra satria ratsy ny lalana. Vokatry'izay, tsy vita ny asa tokony hatao amin'ny toerana iray na vitsivitsy efa voatondro. (Mangataka, araka ny voalazan'ny namana rehetra nandray fitenenana teo, tokony hisitraka tetikasa daholo ny Kaominina any amin'ny Distrika nahavoafidy ny tsirairay avy.

Tokony hasiana mpitandrofilaminana na tomponandraikitra hafa hanara-maso ny fanomezana vatsin'ankohonana satria maro ny toerana nahitana fanafihana ireo olona mpikarakara izany, mba tsy nisy aina nafoy aza.

Fanentanana ny rehetra handany ny volavolan-dalàna no namaranany ny teniny satria ilain'ny vahoaka eny ifotony ny tetikasa tahaka izao.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RAHARIMAMPIONONA, nanamarika fa ny tsy fananana antontan'isa marina sy mazava no mahatonga ny tsy fahatomombanana sy ny fahatarana amin'ny asa tokony hatao mikasika an'ity tetikasa ity. Izany hoe, azon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola ny manokana tetibola ahafahana manao fanadihadiana momba io antontan'isa io.

Nanamarika, Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, fa maro ny Kaominina no nahita tombontsoa tamin'ity tetikasa ity tany Antsirabe II. Misy ihany koa ireo tsy mbola nisitraka izany, ka tokony hojerena amin'izay mba mitovy ny fampandrosoana hatao.

Mikasika ny Solombavambahoaka, mandany "ratification" tahaka izao izahay kanefa tsy ampahafantarina akory hoe efa azo ny vola, toa izao no nampiasana azy. Tsy ampahafantarina izay mety ho tohin'ny asa rehetra koa izahay. Ohatra amin'izany, tao amin'ny Kaominina Belazao, nisy fizarana nataon'ny FID kanefa tsy fantatray akory ny momba izany.

Nanambara Andriamatoa PEPI MICHOU, fa vehivavy no ankamaroan'ny mponina any Ankazoabo; noho izany, tokony hovatsiana fitaovam-piasana izy ireo satria miasa tena no fivelomany, ka tsara raha mba jeren'ny Minisitry ny Mponina ny hanomezana azy masinina fanjairana ohatra.

Miangavy ny Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny tomponandraikitra miaraka aminy hidina ifotony rehefa hanomboka ity tetikasa ity mba hisian'ny mangarahara amin'ny

hanatanterahana azy; tahaka izay koa ny tomponandraikitra ao amin'ny FID. Ny antony, mba hametraka ny lamina hisorohana mialoha ny olana mety hitranga.

Taorian'izay, nisaotra ny Solombavambahoaka rehetra nandray fitenenana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanome izany indray ho an'ny solotenan'ny Governemanta mba hamaliany ny fanontaniana napetraka taminy.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RAKOTONIRINA Miarisoa Patricia, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampiroboroboana ny Vehivavy, nanambara fa tetikasa fanatsarana ny fari-piainan'ny ankohonana marefo rehetra manerana ny Nosy ity tetikasa ity, tsy hisy hatao ankilabao izy ireo. Amin'ny ankapobeny, hisy vola hatokana hatakalo asa mba hanatsarana ny famokarana eny ifotony sy hananany asa fivelomana miantoka ny fahampiana ara-tsakafo.

Mikasika ny fiaraha-miasa amin'ny Solombavambahoaka kosa, hojerena akaiky ny toerana tokony hatao laharam-pahamehana ka avy amin'izany no hanomezana andraikitra ireo olona mpiara-miasa aminy.

Hiaraha-miasa amin'ny INSTAT na ny "Institut National de la Statistique" isika amin'ny fanangonana antontan'isa marina sy mitombina mba ahafahana mijery ireo sokajin'olona tokony hisitraka an'ity "Filets Sociaux de Sécurité" ity sy hanao fitsirihana manokana ireo tokantrano tena sahirana hanampiana ny fidiram-bolany isan'andro.

Araka ny fantatsika, fanohizana ny tetikasa efa nisy teo aloha izy ity; noho izany, hisy lisitra vaovao hampidirana ny anaran'ireo olona tsy mbola tafiditra tao anaty tetikasa mba hialana amin'ny hoe izay nahazo hatrany no hahazo amin'izao manaraka izao.

Mikasika ny tantsoroka, efa nisy hatramin'ny ela ny fanaovana izany ankoatry ny fanohanana sy fanampiana ara-bola ny ankohonana tena marefo ary hotohizana amin'ity tetikasa ity izany. Tao anatin'ny telo taona, rehefa natao ny tombana maro ireo ankohonana tafavoaka sy nahita fahombiazana vokatry ny tantsoroka natao taminy.

Tsy maintsy asiana masontsivana apetraka hahazoan'ny olona tokony hisitraka ny tetikasa mba hialana amin'ny fikorontanana mety hiseho eny ifotony. Izany hoe, hapetraka ny atao hoe "validation communautaire" mba hanasokajiana ireo olona tokony hisitraka marina ny tetikasa.

Tany am-boalohany, araka ny tatitra novakiana teo, Faritra miisa 15 no nisitraka ny tetikasa fiahiana ara-tsosialy, hampidirina amin'ny fanohizana ity tetikasa ity kosa ny Faritra 8 ambiny. Izany hoe, hatao any amin'ny Faritra 23 eto amintsika ity tetikasa ity mba hialana amin'ny fomba fiteny hoe: nisy natao zanak'ikalaha.

Mikasika ny fanamarihana tamin'ny antontan'isa teo, hanofana olona avy ao amin'ny INSTAT ho any Ikalamavony isika mba hanamafisana ny fahaiza-manao sy hahazoana antontan'isa marina sy mitombina araka ny voalaza teo.

Momba ny olana nihatra tamin'ireo Distrika nandalovan'ny rivodoza, hampitaina amin'ny tomponandraikitra voakasik'izany ny hafatra mba hahafahana manampy ny vahoaka nianjadian'ny takaitra vokatry izany.

Amin'ny ankapobeny, saika nangataka ny hahazo tombontsoa amin'ny fanatanterahana ity tetikasa ity daholo ny Solombavambahoaka, ka hodinihana ireo fangatahana ireo.

Fanentanana ny Solombavambahoaka handany ny volavolan-dalàna no namaranan-dRamatoa Sekretera Jeneraly ny teniny satria tetikasa entina hanasoavana ny mpiara-belona sy hampivoatra ny fiainany no tena votoatin'ity volavolan-dalàna ity.

Taorian'izay, nisaotra azy tamin'ny famaliana ny fanontaniana napetraka tamin'ny Andriamatoa Mpitarika fivoriana sady nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity ary amin'ny maha fifanaharana azy dia arahina ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena manao hoe: tsy azo kitihana ireo andininy ireo, fa na ankatoavina na tsipahana na ahemotra ny fandinihana azy.

Nohamafisiny koa fa andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ity volavolan-dalàna ity.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fa ahemotra ny fandinihana azy.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-004/2023 tamin'ny 5 Aprily 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Filets Sociaux de Sécurité et Résilience à Madagascar conclu le 16 Janvier 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Taorian'ny fandanihana ny volavolan-dalàna, nomena fitenenana, Ramatoa RAKOTONIRINA Miarisoa Patricia, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampiroboroboana ny Vehivavy raha manan-kambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandanihana ny volavolan-dalàna no nataony satria araka ny voalaza hatrany am-boalohany, tohin'ny tetikasa efa nisy teo aloha izy ity ary entina hanatsarana ny fari-piainan'ny vondrom-piaraha-monina tena marefo mba hampivoatra azy ireo. Kendrena mba ho maro ny sokajin'olona hisitraka ny tetikasa mba hialana amin'ny lonilony eo amin'ny samy mpiara-belona.

Teo am-pamaranana ny teniny, nambarany fa hampitaina any amin'ny Minisitera isan-tsokajiny ny hetahetan'ny Solombavambahoaka rehetra nandray fitenenana teo sy ny fahalanian'ny volavolan-dalàna.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa misy volavolan-dalàna tonga eto amin'ny Antenimierampirenena araka ny voalaza tany aloha izay hanaovana asam-baomiera aorian'izao fivoriambe izao, ka ireto avy izany:

- laharana faha-010/2023 tamin'ny 17 Mey 2023 «autorisant la ratification de la Convention du Travail Maritime de l'Organisation Internationale du Travail (MLC 2006), telle qu'amendée»;
- laharana faha-012/2023 tamin'ny 31 Mey 2023 «autorisant la ratification de la Convention (n°155) sur la Sécurité et la Santé des travailleurs, 1981»;
- laharana faha-013/2023 tamin'ny 31 Mey 2023 «autorisant la ratification de la Convention (n°161) sur les Services de Santé au travail, 1985»;
- laharana faha-014/2023 tamin'ny 31 Mey 2023 "autorisant la Convention (n°187) sur le cadre promotionnel pour la Sécurité et la Santé des Travaileurs 1985".

Ireto avy ny Vaomiera voakasika handinika azy ireo: ny Vaomieran'ny Asam-panjakana sy ny Lalàna Sosialy, ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro, ny Vaomieran'ny Fifandraisana ary ny Vaomieran'ny Fahasalam-bahoaka. Marihana fa handraisana fanapahan-kevitra anio tolak'andro amin'ny 3 ora avokoa izy ireo amin'ny maha «ratification» azy, hoy Andriamatoa Mpitarika fivoriana, sady nanentana ny mpikambana amin'ireo Vaomiera ireo mba havitrika hanatrika ny asam-baomiera.

Niato tamin'ny 1 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa mpitarika fivoriana.



NY NILOHA

RAZANAMAHISOA Christine Harijaona

Corele®